GAZETY
# tohiravina

TERAKA

www.teraka.org - n°12 - Desambra 2025 - MAIMAIMPOANA



# ANKEHITRINY, ‘NDAO HIARA-HIASA HO AN’NY TANINTSIKA SY HO AN’IREO TARANATSIKA

**Ireo Soatoavina Fototra TERAKA : 1. Marina isika I 2. Mahitsy isika I 3. Mangarahara isika I 4. Miasa an-tsitrapo isika I 5. Miasa amin’ny fifanompoana isika I 6. Miasa amin’ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe I 7. Samy tompon’andraikitra isika**

**Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin’ity Gazety ity :**

1. **FANITARANA NY FANDAHARANASA TERAKA ANY AMIN’NY FARITRA VAKINANKARATRA**
2. **NY TOERANA MANAMORONA NY RENIRANO IZAY MIARO NY RENIRANO SY NY TANY**
3. **HAFATRY MOMPERA JEAN MARCEL: ndao hanome aina indray ny ala sy ny hazo miaraka amin’ny TERAKA**
4. **FISY TEKNIKA: latsa-boa**

Ry tantsaha namana,
Ity andiany vaovao amin’ny gazetintsika ity dia manamarika dingana lehibe ho an’ny fandaharanasa TERAKA, izay efa tonga ihany koa ankehitriny ao amin’ny Faritra Vakinankaratra, Distrikan’i Mandoto sy Betafo, ahitana tantsaha maro nisafidy ny hiaraka amintsika. Ny hafanam-pon’izy ireo dia maneho fa misy tokoa ny finiavana hanorina ho avy tsara kokoa amin’ny alalan’ny fanarenana ny tontolo iainana.
Ny fiarovana ny tany sy ny renirano ary ny hazo no mbola fototry ny asantsika. Ny toerana manamorona ny renirano, izay asongadina manokana ao anatin’ity laharan-gazety ity, dia mampatsiahy antsika fa mila “mpiambina” avokoa ny tontolo rehetra mba hahavelona azy. Ny hafatry ny mompera Jean Marcel koa dia manasa antsika hijery ny lasa : ny anaran’ny tanànantsika sy ny ohabolan-drazantsika dia porofo mampiseho ny fifandraisana lalina misy eo amin’ny Malagasy sy ny natiora.
Miaraka amin’ny TERAKA, manana fahafahana isika hanao asa mivaingana ankehitriny mba hahafahan’ny taranatsika miaina ao anatin’ny tontolo salama sy maharitra.

Mirary vaky gazety finaritra ho antsika ary indrindra mirary asa tsara

# 1 - FANITARANA NY FANDAHARANASA TERAKA ANY AMIN'NY FARITRA VAKINANKARATRA

Tamin'ity taona 2025 ity dia nitatra tao amin'ny faritra Vakinankaratra ny fandaharanasa TERAKA. Ny volana Septambra 2025 dia nifandinika tamin'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny manerana ny faritra ny tompon'andraikitra tao amin'ny TERAKA. Anisany nisongadina tamin'izany ny fampahafantarana azy ireo ny fandaharanasa sy ny fanehoany ny fomba fijeriny mahakasika izany fandaharanasa izany ary koa ny sosokevitra mifanaraka amin'ny faritra sy toerana izay hiitaran'ny TERAKA. Tapaka tamin'izany fa ny tapany andrefana amin'ny faritra Vakinankaratra no hitaran'ny fandaharanasa.

Ankehitriny dia efa eny amin'ny Distrika roa, izay Distrikan'i Mandoto sy Betafo, ary tantsaha maherin'ny arivo no efa mpikambana TERAKA manerana ny Kaominina sivy ao amin'ireo Distrika roa ireo. Liana tanteraka amin'ny fandaharanasa ireo tantsaha ary maneho ny fahavononany hiroso miaraka amin'ny TERAKA Hita hatreto fa ny hazo fihinamboa sy ny voandelaka no tena irosoan'ireo tantsaha amin'izao fotoam-pambolena izao, ary ny ala vadim-boly no tena ampiharin'izy ireo amin'izany satria tsikaritra tokoa fa efa manao io fomba fambolena io izy ireo.

Mirary soa sy miarahaba azy ireo tongasoa amin'ny fianakaviamben'ny TERAKA.



# 2 - NY TOERANA MANAMORONA NY RENIRANO IZAY MIARO NY RENIRANO SY NY TANY

Indray andro nandritra ny fotoam-pahavaratra, dia nisy zaza nahatazana ny riaka nitondra rano maloto namakivaky ny tanàna. Vokatr'ilay riaka dia nisy tamin'ireo tanimbary teny akaiky teny no nihandronan'ny fasika, nisy ihany koa ny nofon-tany no nokaohan'ny riaka.

Tetsy am-pita anefa, nisy toerana iray hafa izay ahitana sampan-drenirano mamakivaky eo afovoan'ny hazo sy ahitra lava : ny rano dia nijanona ho madio ary ny sisin'ny renirano dia nafonja tsara.

Gaga ilay zaza ka nanontany hoe :

— « Nahoana eto amin'ity toerana iray ity no manimba zavatra maro ny renirano, nefa ery amin'ilay toerana iray hafa kosa dia tony ny renirano?

Namaly ny zokiolona iray ka nanao hoe:

— « Satria ny tany eny amoron-drano dia mila ireo mpiambina azy. Rehefa mbola eo ny hazo sy ny ahitra, dia mitazona ny orana, manivana ny fotaka, ary miaro ny sisin'ny renirano sy ireo zavamananaina ao aminy, toy ny trondro. » Ireo mpiaro ireo no antsoina hoe "zone riparienne" amin'ny teny vahiny.

Mivelatra manaraka ny ilany roa amin'ny renirano sy renirano madinika izy ireo, matetika amam-polony metatra avy eo amoron-drano. Ireo zavamananaina amin'ny morona ireo dia manana andraikitra lehibe : mitazona ny rano ho madio, misoroka ny firodanan'ny sisin'ny renirano, itoeran'ny trondro sy sahona, ary lalana fivezivezen'ny vorona sy bibikely maro ilaina amin'ny fahasalaman'ny tontolo iainana.

Rehefa mandripaka loatra ny ala manamorona ny renirano isika, dia lasa maloto ny rano,kaohan'ny riaka ny tany, ary mihamitombo ny tondra-drano. Fa raha mamboly sy miaro ny faritra manamorona ny renirano kosa, dia ho mafy orina kokoa ny tontolo manodidina. Izany no antony anomezan'ny Vondrona Madinika TERAKA lanjany lehibe ny faritra manamorona ny renirano. Ny fanarenana ny sisin'ny renirano dia manatsara ny lanjan'ny tanin-janakazo, satria sady miaro ny tany, no miaro ny rano ary ny aina miankina aminy. Ny zavamananaina maitso eny amoron-drano dia toy ny fehikibo fiarovana ho an'ny tanàna iray manontolo.

Ao amin'ny fandaharanasa TERAKA, ny sakany amin'ity Faritra manamorona ny renirano ity dia voafaritra ao anatin'ny 25 metatra manomboka eo amoron'ny renirano na farihy. Ny rano mikoriana dia tokony ho 2 metatra ny sakany farafahakeliny, ary ny toerana misy rano (dobo, farihy kely) dia tokony farafahakeliny 20 $m^2$.




# 3. HAFATRY MOMPERA JEAN MARCEL: ndao hanome aina indray ny ala sy ny hazo miaraka amin’ny TERAKA

Ity lahatsoratra kely ity dia zaraiko amintsika mba hitondra ny fieritreretantsika hitodika amin'ny tantara efa lasa sy ny zavamisy ankehitriny ary ny hanomanantsika ny ho avy. Fanontaniana mipetraka ny hoe: azo atao ve ny miova sy manova ny tantaran'ny tontolo iainana misy ankehitriny mba ho any amin'ny tsaratsara kokoa?

Samy manana ny valiteniny isika fa ho ahy manokana dia azo atao fa mila ezàka be. Ndeha ary hojerentsika amin'ny alalan'ireto zavamisy ireto ny tantara.


Rehefa namangy ireo faritra maro eto afovoantany izahay dia nahatsapa fa nisy zavatra tsara be teto amintsika taloha momba ny tontolo iainana ka nahatonga ny Ntaolo namorona ny anarantananany amin'ny anarankazo nisy teo, eo ihany koa ny hainteny sy ny ohabolana maro momba ny ala na ny hazo, eo koa ny fanabeazana sy ny fampianarana entiny eo amin'ny fiarahamonina sy ny fomba samihafa. Azo lazaina fa sarobidy tamin'ny Ntaolo ny ala na ny hazo. Fa ankehitriny manao ahoana?

Ohatra vitsivitsy Ireto anaran-tanàna nolalovanay Ireto, Ankazoambo dia tanana iray nisy Hazoambo izay hazo Gasy manjamanja ny raviny ary fanao dite fanafody sempotra. Ny olana dia any anaty ala atsinana no sisa ahitana azy ankehitriny fa ny anaran-tany no sisa mipetraka. Andilambarika dia tanana feno ala nisy Varika izay nonina tao anaty ala taty Alaotra taloha kanefa anarantany no sisa fa efa nanjavona izany ankehitriny. Beranalahy dia toerana nisy ala izay nanirian'ny Ranalahy karazana vahy na orkide notrobahin'ny tantely siaka ka maneno rehafa tsofin'ny rivotra. Mbola maro izy ireo fa angano sisa tavela. Apetrako ny fanontaniana hoe " dia ho angano ve no sisa havela ho an'ny taranantsika any aoriana any sa azontsika atao ny manova izany ho tsara? Hoy ny Ntaolo hoe : “hazo tokana tsy mba ala”, naniriany no tsara”, “Tanora mamboly hazo, antitra manan-kialofana”. Mbola tsy lany manja izany fomba fiteny izany amintsika. Midika izany fa manakasina eo amin'ny fiarahamonina Malagasy izany tontolon'ny hazo izany ary toy izany koa ny TERAKA izay mbola manampy ny fivarotana karibaonina mandritra ny fotoana maharitra. Ka andao ary isika hamboly hazo raha sitrakao miaraka amin'ny TERAKA.



# 4. FISY TEKNIKA: LATSA-BOA

Ny latsa-boa dia natokana indrindra ho an’ireo voa lehibe toy ny: manga, zavoka, voandelaka, rotra, …




## FOMBA FANAO TSARA AMPIHARIN’IREO MPIKAMBANA VONDRONA MADINIKA

Ny mpikambana ao amin’ny Vondrona Madinika TERAKA dia miaina ny soatoavina manan-danja amin’ny fandahanasa dia ny maha samy tomponandraikitra. TERAKA dia fandaharanasa manome lanja ny hay tarika ara-tontolo iainana ka amin’izany ny tsirairay dia afaka mandray anjara amin’ny fanarenana ny tontolo iainana. Noho izany, ny fidirana ho mpikambana TERAKA dia ahafahana mandray anjara amin’ny fanatsarana ny tontolo iainana. Izany no antony mandrisika ny mpikambana TERAKA hanasa ny mpiray vodirindrina izay mbola tsy mpikambana hanatrika ny fivoriana isam-bolan’ny Klastera, mba hahafahan’izy ireo manolo-tena ihany koa ho an’ny fanatsarana ny tontolo iainana.

Ny fiaraha-mientana dia manatsara ny tombontsoa ho an’ny mpikambana: arakaraky ny maha betsaka ny isan’ny mpikambana no mampihena ny fandaniana, satria mizara amin’olona maro kokoa ny vola lany.

## TETIANDRO FANANGONANA SY FAMAFAZANA VOA

| Karazany | Asa atao | Volana |
|---|---|---|
| Manga (Mangifera indica) | Fanangonana voa | Des, Jan, Fev |
| | Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana | Des, Jan, Fev |
| Paiso Gasy (Prunus persica) | Fanangonana voa | Jan |
| Rotra (Eugenia jambolana) | Fanangonana voa | Fev, Mars |
| | Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana | Fev, Mars |
| Palissandre (Dalbergia monticola) | Fanangonana voa | Fev, Mars |
| | Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana | Fev, Mars |
| Ramy (Canarium Madagascariensis) | Fanangonana voa | Jan, Fev, Mars |
| | Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana | Jan, Fev, Mars |
| Voaroy (Morus sp.) | Fanangonana taho | mandritra ny taona |
| | Fambolena ny taho anaty kitapon-janakazo | mandritra ny taona |
| Janborgian (Zamborozana) | Fanangonana taho | Fev, Mars |
| | Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana | Fev, Mars |
| Frêne (Fraxinus excelsior-Frêne commun/ grand frêne) | Fanangonana taho | Nov, Des |
| | Famafazana anaty kitapon-janakazo na anaty fampitsimohana | Nov, Des, Jan, Fev |

## IREO MPIKAMBANA TERAKA NY 30/11/2025

| Faritra | Totalin'ny mpikambana rehetra | Totalin'ny mpikambana efa ao anaty Vondrona Madinika | Totalin'ny mpikambana vaovao 2025 - 2026 | Mpikambana vaovao efa ao anaty Vondrona Madinika 2025 - 2026 | Isan'ny hazo efa voaisa |
|---|---|---|---|---|---|
| Amoron'i Mania | 4 750 | 2 574 | 753 | 242 | 76 524 |
| Itasy | 6 687 | 2 762 | 658 | 569 | 10 933 |
| Vakinankaratra | 2 249 | 595 | 1798 | 357 | - |
| Alaotra Mangoro | 2891 | 872 | 334 | 39 | - |

**FANAMARIHANA :** Amin'ny voalohany dia misoratra anarana amin'ny fandaharanasa TERAKA ny tantsaha izay vonona hiara-hiasa amin'ny fandaharanasa. Aorian'izay dia manangana Vondrona Madinika izay ahitana mpikambana 6 ka hatramin'ny 12 izy ireo. Rehefa mahazo tsara ny fandaharanasa ny tantsaha ka resy lahatra amin'ny tombontsoa marobe entin'ny fambolen-kazo dia miroso amin'ny fanaovana sonia ny fifanarahana ara-barotry ny tahiry Karbaona izay ifanaovan'ny orinasa iTERAKA sy ny Vondrona Madinika. Rehefa feno herin-taona aorian'ny ambolena azy ny hazo dia miroso amin'izay amin'ny fanisana ireo hazo velona izay novolen'ny Vondrona Madinika ny fandaharanasa TERAKA.

TERAKA

GAZETY tohiravina

TERAKA

212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : RAKOTONIAINA Nambinina, VELOMIAFARA Offman, RAFANOMEZANTSOA Jean Marcel, RAKOTOMALALA Njaka
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC
TERAKA dia marika voaaro

**www.teraka.org**

**Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :**
**+261 (0) 34 88 142 35 / +261 (0) 32 03 945 00 / +261 (0) 33 50 854 11**